



ILAY VEHIVAVY SAMARITANA (Jaona 4, 1-45)

A/ FAHAZOANA NY TEKSTA ANKAPOBENY :

Ny resaka nifanaovan'i Jesosy tamin'ilay vehivavy Samaritana iray tonga hantsaka rano no ifampizarantsika eto anio.

1. Fitarihan-dresaka :

Fantatsika tsara fa tsy mifampiraharaha amin'ny Samaritana ny Jiosy (and. 8), toy izany koa ny lehilahy amin'ny vehivavy tsy fantany. Nilaza tsotra **ny fahagagany** momba ny fangatahan'i Jesosy ity vehivavy Samaritana ity (and. 9) satria sady Samaritana izy no vehivavy tsy mifankafantatra amin'i Jesosy.

Atodik'i Jesosy hahafantatra Azy tsikelikely anefa ilay ramatoa ka dia nametra-panontaniana **ny amin'ny fahalehibeazan'i Jesosy** izy : « Ianao va lehibe noho Jakoba razantsika izay nanome anay ity fantsakana ity ... ? » (and. 12). Sarihin'i Jesosy hiala amin'ny fiheverana ny fomban'izao tontolo izao (firazanana, fifampiraharaha, fombafomba, ... ets ...) ravehivavy ka hitodika amin'ilay « Mpamonjy izao tontolo izao ».

2. Ny matoan-teny « manome » :

Manan-danja manokana ny matoan-teny « manome » na « donner » amin'ity tantara ity :

- and. 5 : akaikin' ny tany izay **nomen'** i Jakoba ho an' i Josefa zanany,
- and. 7 : « **Omeo** Aho hosotroiko », hoy i Jesosy tamin'ilay ramatoa,
- and. 10 : « ... dia Ianao no ho nangataka taminy, ka **nomeny** rano velona »,
- and. 12 : « ... Jakoba razantsika izay **nanome** anay ity fantsakana ity »
- and. 14 : « fa ny rano izay **homeko** azy »
- and. 15 : « **omeo** izany rano izany aho », hoy ilay vehivavy tamin'i Jesosy.

Nampiasain'i Jesosy tamin'ny Teny nataony voalohany io matoan-teny io ary naverin'ilay vehivavy taminy mba hahazoany izany rano ambaran'i Jesosy izany.

3. Ny fiovan'ilay ramatoa :

a) Fiovam-pijery :

Rehefa nolazain'i Jesosy (izay tsy nifankafantatra taminy) tamin'ity vehivavy ity ny fiainany ny fanambadiany dia fantany fa olon'Andriamanitra i Jesosy : « hitako fa mpaminany lanao » (and. 19), hoy izy. Ka dia tsy nisalasala izy nanontany ny amin'ny fihavian'ny Mesia (and. 25) ary dia nambaran'i Jesosy taminy fa Izy Jesosy no Mesia (and. 26).

b) Fiovam-piainana :

Mety hisy hanasokajy an'ity vehivavy ity ho ratsiratsy fitondran-tena satria efa nanambady in-5 izy ary ilay itoerany ao koa aza tsy vadiny akory :

- Succès be i madama, hoy isika !
- Mpanota be izany, hoy isika, efa nampitovy tena amin'ny mpivaro-tena !
- Aleo mihitsy aza tsy hiditra am-piangonana fa toy ny mpivaro-tena izy. Ka ataon'ny mpivaro-tena ahoana no ho fiditra am-piangonana ka tsy handoto ny Fiangonan'Andriamanitra no sady tsy hanafintohina ny mpino ?, hoy isika !
- Dray, dray, dray, farafahakeliny, tsy mahazo mandray ny Fanasan'ny Tompo izany, hoy isika !

Kanefa dia izy mihitsy no nomen'ny Tompo Jesosy ny « rano velona (and. 11) ho loharano miboiboika ao anatiny ho fiainana mandrakizay (and. 14).

Lehilahy 6 izany no tena fantatr'ity vehivavy ity akaiky satria novadiany kanefa tsy nisy naha-afa-po azy. Eo anatrehan'ity lehilahy faha-7 (= i Jesosy) ity izy izao vao nahazo fahafaham-po ka dia niova tanteraka mihitsy ny fiainany.

d) Fihetsikin'ny mpianatra vs ny an'ilay vehivavy :

Nifanipaka tamin'ny fihetsikin'ny mpianatra ny nataon'ity vahivavy ity :

- tonga niaraka amin-kanina ny mpianatra / ilay ramatoa lasa ary navelany teo ny sininy
- nangina ireto mpianatra / izy kosa niteny
- nirahin'i Jesosy hitady sakafo ny mpianatra dia niverina niaraka tamin'izany / ilay vehivavy kosa nirahin'i Jesosy hitondra ny vadiny kanefa tsy izay no nataony fa ny nitony Filazantsara tamin'ny olona tao an-tanàna mba hankanesan'izy ireo mankamin'ny « Mpamonjy izao tontolo izao ».

B/ NY FILAZANTSARA = HERIN'ANDRIAMANITRA HO FAMONJENA :

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion), Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

1. RESAKA NIFANAOVAN'I JESOSY SY ILAY VEHIVAVY SAMARITANA (and. 4-26) : LOHARANO MIBOIBOIKA HO FIAINANA MANDRAKIZAY :

I Jesosy no tonga voalohany teo am-patsakana, « sasatra Jesosy tamin' ny nalehany dia nipetraka teo am-pantsakana Izy » (and. 6). Ilay vehivavy indray dia tonga haka izay rano ilainy toy ny andavanandro. Ary ny Jiosy tsy manan-draharaha amin' ny Samaritana (and. 9b) sady tsy fanao izany miresaka amim-behivavy tsy fady eny ankalamanjàna izany. Hany ka gaga hatramin'ny mpianatr'i Jesosy aza raha nahita an'i Jesosy niresaka manokana amin'ity vehivavy ity (and. 27).

a) Resaka rano :

Resaka rano no eto. Ny rano tokoa dia zavatra tena ilain'ny manana aina rehetra isan'andro mba hivelomany kanefa koa ny rano dia endrika ho enti-milaza ireo fanomezan'Andriamanitra. Inona àry ity rano resahina eto ity ?

Hita tsikelikely fa i Jesosy izay nangataka « rano hosotroi{ny} » (and. 7) dia efa manana ny « rano velona » (and. 11) izay ho tonga « loharano miboiboika ... ho fiainana mandrakizay » (and. 14). Miha-maniry hanana izany rano ambaran'i Jesosy izany ity vehivavy ity na dia efa zatra mantsaka eto aza.

Mivadika izany ny rasa : ilay vehivavy nangatahan'i Jesosy rano ka nieritreritra hanome rano Azy no hahazo ilay rano velona / Ilay nangataka dia tena tompon'ny « rano velona ».

b) Ny Mesia ?

Tsikelikely dia miha-fantatr'ilay vehivavy kokoa i Jesosy : « Raha fantatrao ny fanomezan' Andriamanitra sy Izay miteny aminao » hoy i Jesosy taminy (and. 10). Ka dia nitady hahalala an'i Jesosy ity vehivavy ity : « Ianao va lehibe noho Jakoba razantsika ? » (and. 12) hoy izy.

Ary rehefa niresaka ny amin'ireo lehilahy 6 novadiany i Jesosy dia hoy ilay vehivavy hoe : « Tompoko, hitako fa mpaminany Ianao » (and. 19). Ary rehefa nanambara izay fantany ny amin'ny hahatongavan'ny Mesia izay hanambara « ny zavatra rehetra » ilay vehivavy (and. 25) dia nolazain'i Jesosy tsotra taminy hoe : « Izaho Izay miresaka aminao no Izy » (and. 26). Vokin'ny « rano velona » amin'izay ilay vehivavy ka dia nandao ny sininy ary lasa nanambara ny Filazantsara (and. 28 snm).

2. RESAKA NIFANAOVAN'I JESOSY SY NY MPIANANY (and. 27-38) : MAHAVOKY NY MAHAVITA NY ASAN'NY RAY :

Amin'ity tapany faharoa ity dia resaka hanina indray no atao.

Tsy fantatrin'ny mpianatra hoe iza no namoky an'i Jesosy ary inona no hanina nohaniny (satria ny hivity hanina hifampizarany amin'i Jesosy no antony nandaozany Azy teo ampatsakana ka nandehanany nankany an-tanàna) (and. 8). « Ny haniko dia ny manao ny sitrapon' izay naniraka Ahy sy ny mahavita ny asany ! » hoy i Jesosy namaly azy ireo (and. 34). Izany no nataon'i Jesosy. Niasa mafy izy tany Galilia, tany Jerosalema, kanefa avy any Samaria ve izany no hivoahan'ny vokatra tsara ?

3. DINIKA NIFANAOVAN'I JESOSY TAMIN'IREO SAMARITANA (and. 39-42) : MPAMONJY IZAO TONTOLO IZAO :

Nitory ny Filazantsara ilay vehivavy. Vokatr'izay dia avy koa ny Samaritana mba te-hahita sy hanana anjara amin'ny Mesia.

Nitoetra tamin'izy ireo 2 andro i Jesosy (and. 40) ka dia nino Azy izy ireto : « Tsy noho ny filazanao ihany no inoanay, fa ny tenanay no mandre, ka fantatray fa Izy tokoa no Mpamonjy izao tontolo izao » (and. 42). Tsy ilay vehivavy irery intsony izany izao fa maro ireo Samaritana no mahafantatra sy sahy manambara fa i Jesosy no ilay « Mpamonjy izao tontolo izao ».

D/ FEHINY :

Ny Filazantsara dia mampahafantatra anao fa i Jesosy **no** Mesia, Mpamonjy izao tontolo izao. Io « no » io dia exclusif : izany hoe, tsy misy Mesian'Andriamanitra hafa, tsy misy Mpamonjy hafa, tsy misy option hafa fa i Jesosy dia izay ihany ! Izany no ambaran'ny lohatenin'ny hira FFPM 164 hoe « Jesosy irery ihany, Filazantsara soa ». Manatona anao, amin'ny fomba maro, ny Filazantsara mba hanambara anao izany.

Manafaka ny hetahetanao ny Filazantsara. Jereo ilay ramatoa ity :

- tonga hantsaka izy, fa rehefa nahazo ny Filazantsara dia navelany teo ny sininy fa tsy nisy nilainy azy intsony, dia lasa izy nandeha nanambara izay fantany,
- nanambady in-5 izy ary ilay itoerany aza tsy vadiny akory (= concubinage). Tsy nety nahita fahafaham-po tamin'ny fitiavana izy ka dia namerina mandrakariva, toy izany koa no ataontsika ka lasa miteraka addiction(s) aza indrandray eo amin'ny fiainantsika. Tsy nanameloka azy i Jesosy (isika mety ho nanameloka) fa nitondra azy handray ny Famonjena ao amin'ny Filazantsara kosa.
- Nanaiky nandray ny Filazantsara ity vehivavy ity ka dia lasa niova ny fiainany. Ianao izay tsy mety afa-po amin'izay ilainao, tsarovy ny tantaran'ity vehivavy Samaritana ity, dia raiso ny Filazantsara fa Famonjena anao izany.

Ovain'ny Filazantsara ianao : na ny fijerinao, na ny fanaonao, na ny fieritreretanao. Manjary laharam-pahamehana aminao ny mitory ny Filazantsara mba handraisany

hafa koa an'ilay « Mpamonjy izao tontolo izao » ho eo amin'ny fiainany. Ka dia tonga vavolombelon'ny Filazantsara ianao, raha manaiky.

Satria nahoana ? Satria ny « rano velona » omen'i Jesosy, Filazantsara, dia « loharano velona ... ho fiainana mandrakizay » ho anao. Mamy anie izany rano izany eh ! Mamelona anie izany rano izany eh ! Ka raiso ho fiainanao.

Voninahitra ho an'Andriamanitra irery ihany, izay Azy hatramin'ny taloha indrindra ka ho Azy maharitra mandrakizay ! Amen !

Ho aminareo anie ny Fiadanana ! Amen !

Pasteur Donald GIZY,
FPMA Annemasse,
Alarobia 11 janoary 2017.

Malagasy Protestant Church in France
Madegassische Protestantische Kirche in Frankreich

Eglise Protestante Malgache en France

Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy



Siège national

47 rue d Clichy

75311 Paris Cedex 09

Tél : 01 45 96 03 05

ILAY VEHIVAVY SAMARITANA (Jaona 4, 1-45)

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon,
Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans,
Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion), Saint-Etienne,
Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

A/ FAHAZOANA NY TEKSTA

ANKAPOBENY

Ny resaka nifanaovan'i Jesosy tamin'ilay vehivavy Samaritana iray tonga hantsaka rano no ifampizarantsika eto anio.

1. Fitarihan-dresaka :

Fantatsika tsara fa tsy mifampiraharaha amin'ny Samaritana ny Jiosy (and. 8), toy izany koa ny lehilahy amin'ny vehivavy tsy fantany. Nilaza tsotra **ny fahagagany** momba ny fangatahan'i Jesosy ity vehivavy Samaritana ity (and. 9) satria sady Samaritana izy no vehivavy tsy mifankafantatra amin'i Jesosy.

Atodik'i Jesosy hahafantatra Azy tsikelikely anefa ilay ramatoa ka dia nametra-panontaniana **ny amin'ny fahalehibeazan'i Jesosy** izy : « Ianao va lehibe noho Jakoba razantsika izay nanome anay ity fantsakana ity ... ? » (and. 12). Sarihin'i Jesosy hiala amin'ny fiheverana ny fomban'izao tontolo izao (firazanana, fifampiraharaha, fombafomba, ... ets ...) ravehivavy ka hitodika amin'ilay « Mpamonjy izao tontolo izao ».

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion), Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

2. Ny matoan-teny « manome » :

Manan-danja manokana ny matoan-teny « manome » na « donner » amin'ny fahazoana ity tantara ity :

- and. 5 : akaikin' ny tany izay **nomen'** i Jakoba ho an' i Josefa zanany,
- and. 7 : « **Omeo** Aho hosotroiko », hoy i Jesosy tamin'ilay ramatoa,
- and. 10 : « ... dia lanao no ho nangataka taminy, ka **nomeny** rano velona »,
- and. 12 : « ... Jakoba razantsika izay **nanome** anay ity fantsakana ity »
- and. 14 : « fa ny rano izay **homeko** azy »
- and. 15 : « **omeo** izany rano izany aho », hoy ilay vehivavy tamin'i Jesosy.

Nampiasain'i Jesosy tamin'ny Teny nataony voalohany io matoan-teny io ary naverin'ilay vehivavy taminy mba hahazoany izany rano ambaran'i Jesosy izany.

3. Ny fiovan'ilay ramatoa :

a) Fiovam-pijery :

Rehefa nolazain'i Jesosy (izay tsy nifankafantatra taminy) tamin'ity vehivavy ity ny fiainany ny fanambadiany dia fantany fa olon'Andriamanitra i Jesosy : « hitako fa mpaminany lanao » (and. 19), hoy izy. Ka dia tsy nisalasala izy nanontany ny amin'ny fihavian'ny Mesia (and. 25) ary dia nambaran'i Jesosy taminy fa Izy Jesosy no Mesia (and. 26).

b) Fiovam-piainana :

Mety hisy hanasokajy an'ity vehivavy ity ho ratsiratsy fitondran-tena satria efa nanambady in-5 izy ary ilay itoerany ao koa aza tsy vadiny akory :

Succès be i madama, hoy isika !

- Mpanota be izany, hoy isika, efa nampitovy tena amin'ny mpivaro-tena !
- Aleo mihitsy aza tsy hiditra am-piangonana fa toy ny mpivaro-tena izy. Ka ataon'ny mpivaro-tena ahoana no ho fiditra am-piangonana ka tsy handoto ny Fiangonan'Andriamanitra no sady tsy hanafintohina ny mpino ?, hoy isika !
- Dray, dray, dray, farafahakeliny, tsy mahazo mandray ny Fanasan'ny Tompo izany, hoy isika !

Kanefa dia izy mihitsy no nomen'ny Tompo Jesosy ny « rano velona (and. 11) ho loharano miboiboika ao anatin'ny ho fiainana mandrakizay (and. 14).

Lehilahy 6 izany no tena fantatr'ity vehivavy ity akaiky satria novadiany kanefa tsy nisy naha-afa-po azy. Eo anatrehan'ity lehilahy faha-7 (= i Jesosy) ity izy izao vao nahazo fahafaham-po ka dia niova tanteraka mihitsy ny fiainany.

d) Fihetsikin'ny mpianatra vs ny an'ilay vehivavy :

Nifanipaka tamin'ny fihetsikin'ny mpianatra ny nataon'ity vahivavy ity :

- tonga niaraka amin-kanina ny mpianatra / ilay ramatoa lasa ary navelany teo ny sininy
- nangina ireto mpianatra / izy kosa niteny
- nirahin'i Jesosy hitady sakafo ny mpianatra dia niverina niaraka tamin'izany / ilay vehivavy kosa nirahin'i Jesosy hitondra ny vadiny kanefa tsy izay no nataony fa ny nitory Filazantsara tamin'ny olona tao an-tanàna mba hankanesan'izy ireo mankamin'ny « Mpamonjy izao tontolo izao ».

B/ NY FILAZANTSARA = **HERIN'ANDRIAMANITRA HO** **FAMONJENA :**

1. RESAKA NIFANAOVAN'I JESOSY SY ILAY VEHIVAVY **SAMARITANA (and. 4-26) : LOHARANO MIBOIBOIKA HO** **FIAINANA MANDRAKIZAY :**

I Jesosy no tonga voalohany teo am-patsakana, « sasatra Jesosy tamin' ny nalehany dia nipetraka teo am-pantsakana Izy » (and. 6). Ilay vehivavy indray dia tonga haka izay rano ilainy toy ny andavanandro. Ary ny Jiosy tsy manandraharaha amin' ny Samaritana (and. 9b) sady tsy fanao izany miresaka amim-behivavy tsy fady eny ankalamanjàna izany. Hany ka gaga hatramin'ny mpianatr'i Jesosy aza raha nahita an'i Jesosy niresaka manokana amin'ity vehivavy ity (and. 27).

a) Resaka rano :

Resaka rano no eto. Ny rano tokoa dia zavatra tena ilain'ny manana aina rehetra isan'andro mba hivelomany kanefa koa ny rano dia endrika ho enti-milaza ireo fanomezan'Andriamanitra. Inona àry ity rano resahina eto ity ?

Hita tsikelikely fa i Jesosy izay nangataka « rano hosotroi{ny} » (and. 7) dia efa manana ny « rano velona » (and. 11) izay ho tonga « loharano miboiboika ... ho fiainana mandrakizay » (and. 14). Miha-maniry hanana izany rano ambaran'i Jesosy izany ity vehivavy ity na dia efa zatra mantsaka eto aza.

Mivadika izany ny rasa : ilay vehivavy nangatahan'i Jesosy rano ka nieritreritra hanome rano Azy no hahazo ilay rano velona / Ilay nangataka dia tena tompon'ny « rano velona ».

b) Ny Mesia ?

Tsikelively dia miha-fantatr'ilay vehivavy kokoa i Jesosy : « Raha fantatrao ny fanomezan' Andriamanitra sy Izay miteny aminao » hoy i Jesosy taminy (and. 10). Ka dia nitady hahalala an'i Jesosy ity vehivavy ity : « Ianao va lehibe noho Jakoba razantsika ? » (and. 12) hoy izy.

Ary rehefa niresaka ny amin'ireo lehilahy 6 novadiany i Jesosy dia hoy ilay vehivavy hoe : « Tompoko, hitako fa mpaminany ianao » (and. 19). Ary rehefa nanambara izay fantany ny amin'ny hahatongavan'ny Mesia izay hanambara « ny zavatra rehetra » ilay vehivavy (and. 25) dia nolazain'i Jesosy tsotra taminy hoe : « Izaho izay miresaka aminao no Izy » (and. 26). Vokin'ny « rano velona » amin'izay ilay vehivavy ka dia nandao ny sininy ary lasa nanambara ny Filazantsara (and. 28 snm).

2. RESAKA NIFANAOVAN'i JESOSY SY NY **MPIANANY (and. 27-38) : MAHAVOKY NY** **MAHAVITA NY ASAN'NY RAY :**

Amin'ity tapany faharoa ity dia resaka hanina indray no atao.

Tsy fantatrin'ny mpianatra hoe iza no namoky an'i Jesosy ary inona no hanina nohaniny (satria ny hividy hanina hifampizarany amin'i Jesosy no antony nandaozany Azy teo am-patsakana ka nandehany nankany an-tanàna) (and. 8).
« Ny haniko dia ny manao ny sitrapon' izay naniraka Ahy sy ny mahavita ny asany ! » hoy i Jesosy namaly azy ireo (and. 34).
Izany no nataon'i Jesosy. Niasa mafy izy tany Galilia, tany Jerosalema, kanefa avy any Samaria ve izany no hivoahan'ny vokatra tsara ?

3. DINIKA NIFANAOVAN'I JESOSY

TAMIN'IREO SAMARITANA (and. 39-42) :

MPAMONJY IZAO TONTOLO IZAO :

Nitory ny Filazantsara ilay vehivavy. Vokatr'izay dia avy koa ny Samaritana mba te-hahita sy hanana anjara amin'ny Mesia.

Nitoetra tamin'izy ireo 2 andro i Jesosy (and. 40) ka dia nino Azy izy ireto : « Tsy noho ny filazanao ihany no inoanay, fa ny tenanay no mandre, ka fantatray fa Izy tokoa no Mpamonjy izao tontolo izao » (and. 42). Tsy ilay vehivavy irery intsony izany izao fa maro ireo Samaritana no mahafantatra sy sahy manambara fa i Jesosy no ilay « Mpamonjy izao tontolo izao ».

D/ FEHINY :

Ny Filazantsara dia mampahafantatra anao fa i Jesosy **no Mesia, Mpamonjy izao tontolo izao. Io « no » io dia exclusif : izany hoe, tsy misy Mesian'Andriamanitra hafa, tsy misy Mpamonjy hafa, tsy misy option hafa fa i Jesosy dia izay ihany ! Izany no ambaran'ny lohatenin'ny hira FFPM 164 hoe « Jesosy irery ihany, Filazantsara soa ». Manatona anao, amin'ny fomba maro, ny Filazantsara mba hanambara anao izany.**

Manafaka ny hetahetanao ny Filazantsara. Jereo ilay ramatoa ity :

- tonga hantsaka izy, fa rehefa nahazo ny Filazantsara dia navelany teo ny sininy fa tsy nisy nilainy azy intsony, dia lasa izy nandeha nanambara izay fantany,
- nanambady in-5 izy ary ilay itoerany aza tsy vadiny akory (= concubinage). Tsy nety nahita fahafaham-po tamin'ny fitiavana izy ka dia namerina mandrakariva, toy izany koa no ataontsika ka lasa miteraka addiction(s) aza indrindray eo amin'ny fiainantsika. Tsy nanameloka azy i Jesosy (isika mety ho nanameloka) fa nitondra azy handray ny Famonjena ao amin'ny Filazantsara kosa.
- Nanaiky nandray ny Filazantsara ity vehivavy ity ka dia lasa niova ny fiainany. Ianao izay tsy mety afa-po amin'izay ilainao, tsarovy ny tantaran'ity vehivavy Samaritana ity, dia raiso ny Filazantsara fa Famonjena anao izany.

Ovain'ny Filazantsara ianao : na ny fijerinao, na ny fanaonao, na ny fieritreretanao. Manjary laharam-pahamehana aminao ny mitoro ny Filazantsara mba handraisan'ny hafa koa an'ilay « Mpamonjy izao tontolo izao » ho eo amin'ny fiainany. Ka dia tonga vavolombelon'ny Filazantsara ianao, raha manaiky.

Satria nahoana ? Satria ny « rano velona » omen'i Jesosy, Filazantsara, dia « loharano velona ... ho fiainana mandrakizay » ho anao. Mamy anie izany rano izany eh ! Mamelona anie izany rano izany eh ! Ka raiso ho fiainanao.

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion), Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

Voninahitra ho an'Andriamanitra irery ihany,
izay Azy hatramin'ny taloha indrindra ka ho
Azy maharitra mandrakizay ! Amen !

Ho aminareo anie ny Fiadanana ! Amen !

Pasteur Donald GIZY,
FPMA Annemasse,
Alarobia 11 janoary 2017.

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon,
Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans,
Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion), Saint-Etienne,
Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.